



Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16

Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 3 – 6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Malagasy

Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona



Nosoratan'i Edward Hughes
Sarin'i Byron Unger; Lazarus

Nadikan'i Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Nampifanarahin'i M. Maillot; Tammy S.

Tantara 2 amin'ny 60

M1914.org

Bible for Children, PO Box 3, Winnipeg MB R3C 2G1 Canada

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.




Nisy menarana iray nanatona nila resaka tamin'i Eva ka nanontany azy hoe: "Hay ve ka noraran'ANDRIAMANITRA tsy hihinana ny voankazo rehetra ato amin'ny saha ianareo e?"
3
"Afaka mihinana ny voankazo rehetra ato izahay, afa-tsy iroa hazo fihinamboa iroa ihany!" hoy Eva. "Raha mihinana na mikasika io hazo io izahay dia ho faty". "Mandainga ANDRIAMANITRA, tsy ho faty izany ianareo" hoy ny menarana nihomehy.
4
"Tsy tiany hitovy Aminy fotsiny ianareo." Efa ela i Eva no nitsiriritra mafy sy te-hihinana ny voan' io hazo fihinamboa io. Tsy naharitra ny fakam-panahy izy noho izany ka nino izay nolazain'ny menarana. Dia naka sy nihinana ny voan'ilay hazo.
5
Ny tena loza dia tsy izy irery ihany no nihinana ilay voankazo fa nomeny koa i Adama, ary dia nihinana niaraka taminy. Eny fa na dia tokony hiteny aza i Adama hoe, "Tsia, tsy handika ny tenin'ANDRIAMANITRA aho."
6
Rehefa avy nandika ny lalàn'Andrimanitra i Adama sy Eva dia nahatsiaro tena ho niboridana ka menatra. Naka ravinkazo izy ireo noho izany mba hataony fitafiana, ary dia nandeha niafina an'ANDRIAMANITRA izy ireo.
7
Rehefa harivariva iny ny andro, dia nitsangatsangana tao anaty saha ANDRIAMANITRA. Efa fantany ny fahotana nataon'i Adama sy Eva. Rehefa nanontaniana izy roa dia nifanilika. Adama nanome tsiny an'i Eva ary Eva nanome tsiny ny menarana. Voasazy izy ireo noho izany.
8
Ka hoy ANDRIAMANITRA: "Voaozona amin'ny biby rehetra ianao ry menarana. Ary ianao ry Eva, dia hijaly tokoa indrindra rehefa miteraka." "Adama! satria efa nanota tamiko ianao, dia ho voaozona miaraka aminao ny tany ka haniry tsilo sy hery ho anao izy. Ary ny hatsembohan'ny tavanao no hihinananao."
9
Ary ANDRIAMANITRA nandroaka an'i Adama sy Eva hiala ny saha Edena. Satria nanota sy tsy nankato izy ireo ka dia tafasaraka tamin'ANDRIAMANITRA!
10
Dia namboatra sabatra milelafo Andiamanitra mba hiambina an'i Adama sy Eva any ivelan'ny saha Edena. Namboatra fitafiana vita tamin'ny hodi-biby ho azy roa ihany koa ANDRIAMANITRA.
11
Niteraka i Adama sy Eva taty aoriana. Ny zanany lahy voalohany izay nantsoina hoe Kaina, dia mpiasa tany. Ny faharoa kosa, i Abela, dia mpiandry ondry. Indray andro, nanao fanatitra ho an'ANDRIAMANITRA izy roalahy.
12
Raha nanolotra vokatry ny taniny maromaro i Kaina, i Abela kosa nanolotra zanak'ondry, izay tsara sy matavy indrindra tao am-balany. Nahafaly an'ANDRIAMANITRA ny fanatitra nataon'i Abela.
13
Tsy nankasitrahan'ANDRIAMANITRA ny fanomezana natolotr'i Kaina. Tezitra mafy i Kaina noho izany. Ka hoy ANDRIAMANITRA taminy: "Raha nanao ny tsara ianao, dia tsy ho nekeko va ?"
14
Tsy nety nitony ny fahatezeran'i Kaina. Fotoana vitsy taty aoriana, rehefa tafaraka tany an-tsaha izy roalahy dia novonoiny i Abela, ka maty.
15
Ary ANDRIAMANITRA niantso an'i Kaina, ka nanontany azy: "Aiza moa Abela rahalahinao?" "Tsy hitako izy" hoy i Kaina nandainga. "Izaho angaha mpiambina azy." Tezitra ANDRIAMANITRA ka nosaziany i Kaina. Tsy navelany hiasa sy hamboly teo amin'ny tany intsony
i Kaina ka lasa mpirenireny.
16
Dia nandao an'ANDRIAMANITRA i Kaina. Taty aoriana dia nanambady ny zanakavavin'i Adama sy Eva izy. Nihamaro ny taranany. Ary vetivety monja feno ny zafikely sy ny zafiafin'i Kaina ny tanàna izay naoriny.
17
Nandritra izany fotoana izany dia nitombo be ihany koa ny taranak'i Adama sy Eva. Tamin'izany andro izany dia tena ela velona tokoa ny olona fa tsy toy ny amin'izao vanin'andro misy antsika izao.
18